

## **HAFATRY NY PAPA RAY MASINA LEON 14**

**amin'ny fankalazana ny andro maneran-tany faha-59 ho an'ny fandriam-pahalemana. 1 Janoary 2026**

**Homba anareo rehetra anie ny fiadanana izay enti-manorina fandriam-pahalemana tsy ampiasana fitaovam-piadiana sy misoroka herisetra.**

### ***Homba anareo anie ny fiadanana !***

Io fiarahabana zay fampiasa fahiny ary mbola ampiasaina hatramin'izao ao amin'ireo kolontsaina maro dia nahazo hery vaovao tamin'ny fanambaràna am-bava nataon'i Jesoa Kristy tafatsangan-ko velona, tamin'ny takarivan'ny Paka. “*Homba anareo anie ny fiadanana*” (Jo 20,19.21) ,ny teny nolazainy izay tsy vitan'ny hoe fiarahabana fotsiny, fa teny mitondra fiovam-penitra tanteraka ao amin'ireo izay mandray izany sy eo anivon'ireo zava-misy rehetra koa. Izany no mahatonga ireo dimbin'ny Apôstôly manandran-peo, isan'andro sy manerana an'izao tontolo izao, mampiasa ilay teny mitondra *revolisiona* faran'izay mangina indrindra: “Homba aminareo anie ny fiadanana!” Nanomboka tamin'ny harivan'ny andro nahavoafidy ahy ho Evekan'i Rôma dia tiako ny handrakitra an-tsoratra ny fiarahabana nataoko tao amin'ny fanambaràna ho an'ny rehetra. Ary tiako ny hamerina izany: ny ffiadanana avy amin'i Kristy nitsangan-ko velona, dia miteraka fandriam-pahalemna tsy ampiasana fitaovam-piadiana sy fandriam-pahalemana misoroka herisetra, hiainana amim-panetren-tena sady maharitra. Fiadanana avy amin'Andriamanitra io, dia ilay Andriamanitra tia antsika rehetra tsy misy fepetra.

### ***Ny fiadanana nentin'i Kristy nitsangan-ko velona***

Ilay Mpiandry Ondry Tsara no nandresy ny fahafatesana sy nandrava ny rindrin'ny fisarahana teo amin'ny olombelona (jer. Ef 2,14); mahafoy ny ainy

ho an'ny andian'ondriny Izy ary mbola manana ondry maro ivelan'ny vala (jer. Jo 10,11.16): I Kristy dia fiadanantsika. Ny fisiany, ny fanoloran-tena nataony, ny fandreseny dia hita taratra eo amin'ny faharetan'ireo vavolombelona maro ary amin'ny alalan' izy ireo no itohizan'ny asan'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao, ka vao mainka hita miharihary sy mamiratra kokoa izany ao anatin'ny haizin'izao vanimpotoana iainantsika izao.

Ny fifanoherana eo amin'ny haizina sy ny hazavana, araka izany, dia tsy hoe sary ara-baiboly fotsiny mba hilazana ny fijaliana eo am-piterahana ilay izao tontolo vaovao: traikefa tojo antsika sy manozongozona antsika izany eo anatrehan'ny fitsapana sedraintsika, manoloana ireo zava-mitranga eo amin'ny tantara izay iainantsika. Eny, mba tsy ho saron'ny haizina dia ilaina ny mahita ny hazavana sy mino azy. Fepetra takiana amin'ny mpianatr'i Jesoa voaantso hiaina amin'ny fomba manokana sy miavaka izany, nefa fepetra mahomby amin'ny lafiny maro amin'ny fanokafana lalana ao am-pon'ny olombelona tsirairay. Misy ny fiadanana, maniry ny hitoetra ao amintsika izy, manana hery malefaka hanazava sy hanitatra ny saina izy, manohitra ny herisetra ary mandresy azy. Entanin'ny fitsofana avy amin'ilay mandrakizay ny fiadanana: raha miantsoantso ny olona “ampy izay” ny fanaovan-dratsy”, dia mibitsibitsika hoe “aoka hanjaka mandrakizay ny fiadanana. Ao amin'io fomba fijery io no nitarihan'ilay Nitsangan-ko velona antsika. Ao anatin'ny fahitana mazava no iveloman'ireo mpanorina fiadanana, izay mbola manohitra ny fihanaky ny haizina, toy ny mpiambina amin'ny alina, manoloana ilay zava-doza nantsoin' i Papa François hoe « Ady Lehibe fahatelo mitsitokotoko ».

Indrisy anefa fa mety hitranga koa ny mifanohitra amin'izany, izany hoe manadino ny hazavana: very ny fahitana marina ny zava-misy, fa mirona amin'ny fanehoana amin'ny ampahany sy mivilana an'izao tontolo izao voasaron'ny haizina sy ny tahotra. Maro ankehitriny ireo milaza fa tena zava-misy ireo tantara tsy mirakitra fanantenana, jamba tsy mahita ny hatsaran'ny hafa, fa manadino ny fahasoavan'Andriamanitra izay miasa mandrakariva ao am-pon'ny olombelona, eny fa na dia maratra noho ny

fahotana aza izy ireo. Nanentana ny kristianina i Masindahy Augustin mba hanorina fifankatiavana tsy azo ravàna miaraka amin'ny fandriam-pahalemana, mba ahafahan'izy ireo, eo ampitahirizana izany ao amin'ny aty fanahiny lalina, hanapariaka ny hafanana mampiratra amin'ny manodidina azy ireo. Hoy izy, raha nanoratra tamin'ny mpiray ankohonam-piainana aminy: “Raha tianareo hiaina ny fandriam-pahalemana koa ny hafa, dia aoka ho ianareo mihitsy no hiaina izany, ary hitoetra ao anatin'izany. Mba ahafahana mandresy lahatra ny hafa, dia aoka hirehindrehitra ao anatinareo ny fiadanana vokatry ny fitiavana.”

Na manam-pinoana isika na tsy manana, ry rahalahy sy anabavy malala, dia aoka isika hisokatra amin'ny fandriam-pahalemana ! Aoka horaisintsika sy hoekentsika izy toy izay hihevitra azy ho tanjona faran'izay lavitra tsy ho azo tanterahina na oviana na oviana. Alohan'ny hiheverana azy ho tanjona, ny fandriam-pahalemana dia sady zava-misy no lalana irosoana tsikelikely. Na dia voasakana ao anatintsika sy ety ivelany aza ny fandriam-pahalemana, toy ny lelafo kely rahonan'ny tafio-drivotra, dia tsy maintsy tandrovana mba tsy hanadinoana na ny anarana na ny tantaran'ireo izay nijoro ho vavolombelona momba azy; Fitsipika fototra manilo sy mamaritra ny safidintsika izany. Na dia any amin'ireo toerana tsy misy afa-tsy faharavana aza no tavela ary toa tsy azo ihodivirana ny famoizam-po dia mbola ahitantsika olona tsy manadino ny fandriam-pahalemana mandraka ankehitriny. Toy ny tamin'ny takarivan'ny Paka, niditra tao amin'ny toerana nisy ireo mpianany raiki-tahotra sy kivy i Jesoa, ary ny fiadanana nentin'I Kristy tafatsangan-ko velona dia nanohy nandingana ny varavarana sy ireo sakana tamin'ny alalan'ny feo sy ny endrik'ireo vavolombelona. Izany no fanomezana mahatonga antsika tsy hanadino ny soa azo avy aminy, ka hiaiky fa loharanom-pandresena ilay fanomezana ary io no safidintsika sy iarahana manatanteraka.

## ***Fandriam-pahalemana tsy ampiasana fitaovam-piadiana***

Fotoana fohy talohan'ny nisamborana Azy, tao anatin'ny fitokiana tanteraka, dia hoy i Jesoa tamin'ireo niaraka taminy: “*Fiadanana no avelako aminareo, ny fiadanako no omeko anareo, tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no anomezako izany anareo.*” Ary avy hatrany dia nampiany hoe: “*Aoka tsy hangorohoro ny fonareo, ary aoka tsy hatahotra*” (Jo 14,27). Mazava ho azy fa mety mahakasika ny herisetra ny tebiteby sy ny tahotra, herisetra izay hihatra aminy tsy ho ela. Raha halalinina bebe kokoa, dia tsy nafenin'ny mpanoratra ny evanjely fa ny zavatra nahavery hevitra ireo mpianatra dia ny valin-tenin'i Jesoa momba ny tsy fampiasana herisetra: làlana izay tsy nankatoavin'ny rehetra, ka i Piera no voalohany, saingy nangatahan'ny Mpampianatra kosa mba hizorana hatramin'ny farany io làlana io Mbola loharanon'ny tebiteby sy ny tahotra hatrany ny làlan'i Jesoa. Ary averiny hizingizina mafy ho an'ireo izay te hiaro azy: “*Ampidiro amin'ny tranony ny sabatrao*” (Jo 18,11; jer. Mt 26,52). Tsy nampiasana fitaovam-piadiana ny fiadanana nentin'Jesoa nitsangan-ko velona, satria tsy ilàna fitaovam-piadiana ny tolona nataony, teo anivon'ny zava-misy voafaritra mazava ara-tantara, ara-pôlitika ary ara-tsosialy. Tokony hiara-kijoro ho vavolombelon'ny maha mpaminany an'io zava-baovao io ny Kristianina, eo am-piheverana ireo zava-doza izay niraisan'izy ireo tsikombakomba matetika loatra. Ny fanoharana lehibe momba ny fitsarana farany dia manasa ny kristianina rehetra hiasa sady entanin'ny famindram-po amin'izao fahatongavan-tsaina izao (jer. Mt 25,31-46). Ary amin'ny fanaovana izany dia hahita ireo rahalahy sy anabavy eo anilany izy ireo; rahalahy sy anabavy mahay mihaino ny fijalian'ny hafa, amin'ny fomba samihafa, sy manafaka ny tenany amin'ny fandriky ny herisetra.

Na dia maro aza amin'izao andro izao ny olona vonona hikatroka hampanjaka ny fandriam-pahalemana, dia mibahana ao an'eritreritr'izy ireo ny fahatsapana lalina fa tsy manan-kery eo anatrehan'ny fisehoan-javatra tsy mazava sy tsy hita izay handraisana azy. Efa nolazain'i

Masindahy Augustin, raha ny marina, ny fisiana hevitra mifanipaka: "Saroitra kokoa ny manindrahindra ny fiadanana noho ny manana azy. Tiantsika ve ny hidera azy? Te hanana hery isika, mitady izay hanairana ny fihetseham-po isika, mandanjalanja ny teny ampiasaina isika. Ny mifanohitra amin'izany, maniry ny hanana azy ve isika? Tsy mila ezaka akory izy dia efa azontsika, efa tazonintsika izy."

Rehefa raisintsika ho toy ny idealy saro-takarina ny fandriam-pahalemana dia tsy heverintsika ho mahamenatra intsony ny mandà azy ary tonga mihitsy aza ny fananganana ady mba hanorenana ny fandriam-pahalemana. Toa tsy ampy intsony ny hevitra tsara, ny teny voalanjalanja, ary ny fahaizana milaza fa akaiky ny fandriam-pahalemana. Raha toa ny fiandriam-pahalemana heverina fa tsy zava-misy iainana, anaovana ezaka ary kolokoloina, dia miparitaka ao amin'ny fiainam-pianakaviana sy eo amin'ny fiainam-bahoaka ny herisetra. Eo amin'ny fifandraisan'ny olom-pirenena sy ny governemanta, lasa heverina ho toy ny fahadisoana ny tsy fiomanana tsara amin'ny ady, ny tsy fandraisana andraikitra manoloana ny fanafihana, na ny tsy famaliana ny herisetra. Lazaina fa mbony lavitra noho ny foto-kevitra ny fiarovana-tena ara-dalàna izany. Ity lojika mifanipaka ity, eo amin'ny sehatra pôlitika, no foto-kevitra tena voizina ankehitriny ao anatin'ny fanakorontanana maneran-tany izay mampivarahontsana isan'andro, sy tsy hay vinavinaina. Tsy kisendrasendra ny antso miverimberina amin'ny fampitomboana ny fandanianana mahakasika ny miaramila ary ny safidy aterak'izany ; ao koa ny antso izay atolotry ny mpitondra maro miaraka amin'ny fanamarinana ny loza ataon'ny hafa. Araka izany, ny hery miaro ny fahefana, indrindra indrindra ny hery miaro ny fitaovam-piadiana nokleary dia maneho ny tsy fifanaraham-pifandraisana misy eo amin'ny samy vahoaka, izay tsy miankina amin'ny lalàna, amin'ny rariny na amin'ny fitokisana, fa amin'ny tahotra sy ny fampanjakana ny hery. "Noho izany, araka ny efa nosoratan'i Md Joany XXIII tamin'ny androny, dia miaina ao anatin'ny tebiteby lava, toy ny fandrahonana ny rivo-doza mahatsiravina izay mety hisafotofoto amin'ny fotoana rehetra, ny mponina. Ary tsy hoe tsy amin'antony izany, satria vonona mandrakariva ny fitaovam-piadiana. Enga anie eto amin'izao tontolo izao tsy hisy olona handray andraikitra

amin'ny famonoana sy ny faharavana tsy hita noanoa vokatry ny ady; heverina fa tsy ho azo tanterahina izany kanefa azo antoka fa ny tsy ampoizina, na loza iray dia ampy hiteraka fahapotehina mahatsiravina.”

Tamin'ny taona 2024 anefa dia nitombo 9,4% ny fandanianana mikasika ny tafika maneran-tany raha oharina tamin'ny taona teo aloha, manamafy ny fironana tsy tapaka nandritra ny folo taona lasa izay nahatratra 2.718 lavitrisa dolara, na 2,5 %-n'ny harin-karena faobe maneran-tany. Fanampin'izany, ankehitriny, atao izaay hiatrehana ireo fanamby vaovao, tsy amin'ny alalan'ny ezaka lehibe ara-toe-karena amin'ny fitaovampiadiana ihany, fa eo koa ny fanitsiana ny pôlitikam-panabeazana: ka eo amin'ny toeran'ny kolon-tsaim-pahatsiarovana mitahiry ny fahatongavantsaina azontsika nandritra ny taon-jato faha-20 sy tsy manadino ireo aina nafofy an-tapitrisa, dia manome vahana ny fampielezan-kevitra momba ny serasera sy ny fandaharam-panabeazana any an-tsekoly sy any amin'ny oniversite, ary amin'ny haino aman-jery (*médias*) manely fandrahonana sy mampita fomba fijery mifantoka tanteraka amin'ny fiarovana sy ny filaminana amin'ny alalan'ny fampiasan-kery.

Kanefa “ny tena sakaizan'ny fandriam-pahalemana dia izay mitia ny fahavalony”. [] Nanafatrafatra, araka izany, i Masindahy Augustin mba tsy hopotehina ny tetezana ary mba tsy ho lany andro mifanakiana, fa hisafidy ny lalan'ny fihainoana ary araka izay azo atao, dia ny fihaonana miaraka amin'ny fahavononana avy amin'ny hafa. Enimpolo taona lasa izay, nofaranan'ny Konsily Vatikanina faharoa tamin'ny fahatongavantsaina amin'ny maha maika ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny Fiangonana sy ny tontolo ankehitriny. Ny *Foto-pampianarana arapitondrana momba ny Fiangonana manoloana ny andro ankehitriny (Gaudium et spes)* dia nisarika ny saina mikasika ny fivoaran'ny fitiavana ady: “Ny tena atahorana amin'ny ady ankehitriny dia noho izy mety hararaotin'ireo manana fiadiana ara-pahaizana vaovao hahavitana heloka bevava ny toy izany; ary noho ny fifandraisan-javatra toa tsy azo ialàna, dia mety hitarika ny olombelona haka fanapahan-kevitra mampihoronkoditra izany. Koa mba tsy hitrangan'izany na oviana na oviana intsony, ny Eveka rehetra eran'izao tontolo izao, tafavory sy miray hevitra

tanteraka, dia miangavy ny olon-drehetra, indrindra indrindra ny Filohampanjakana sy ny manam-pahefana ara-miaramila, mba handanjalanja mandrakariva ny andraikitra makadiry toy izao eo imason'Andriamanitra sy eo imason'ny taranak'olombelona tsy vakivolo". [7]

Raha mamerina ny antson'ireo Rain'ny Konsily sy eo am-piheverana fa ny lalan'ny fifanakalozan-kevitra no lalana tena mahomby amin'ny sehatra rehetra, tsikaritsika fa ny fandrosoan'ny teknôlôjia sy ny fampiharana ny saina voatran'olombelona (*intelligence artificielle*) amin'ny tontolon'ny miaramila dia manamafy ny tetika mampivarahontsana amin'ny fifandonana mitam-piadiana. Manampy trotraka koa ny fizotran'ny fialàna andraikitr'ireo mpitondra pôlitika sy miaramila, noho ny fitomboan'ny "fanendrena" ampiasàna ny milina mba handray fanapahan-kevitra mikasika ny fiainan'ny olona sy ny fahafatesany. Fihodinkodinana tsisy farany mandrava ny maha-olona ara-dalàna sy ara-filozofika eo amin'ny lafin'ny lalàna sy ny lafiny filôzôfika izay ijoroan'ny kolon-tsaina rehetra ary miaro ny kolon-tsaina rehetra izany. Tsara raha lazaina ampahibemaso ny fivangongoana tsy hay refesina mikasika ny fitambaran'ny tombon-tsoa ara-toe-karena sy ara-bola ananan'ny tsy miankina, izay manosika ny Fanjakana ho amin'io lalana io; tsy ampy anefa izany satria tsy manampy hanamora ny fanairana ny feon'ny fieritreretana sy ny fahaizana mitsikera. Ny ansiklika *Mpirahalaha sy mpianadaha avokoa isika (Fratelli tutti)* dia manolotra an'i Masindahy Fransoà avy any Asizy ho ohatra amin'ny fifohazana toy izao: "Teo amin'izany tontolo rakotra tilikambo fitiliana sy tamboho fiarovana izany dia rotidrotiky ny ady nampandriaka ny ra sy nampifanandrina an'ireo foko samy matanjaka ny tanàn-dehibe, raha toa ka niitatra ny faritra fadiranovana, teny amin'ny manodidina, natao an-jorom-bala. Teo i Fransoà no nandray ny tena fiadanana miorina ao anaty : afaka tamin'ny faniriana rehetra manosika ny tena hanjakazaka amin'ny hafa izy, nirotsaka ho isan'ireo fadiranovana indrindra ary niezaka hampirindra ny fiainany amin'ny an'ny olona rehetra" [8] Tantara tokony hitohy ao anatintsika izany, ary mitaky famondronana ny ezaka mba hampandraisana anjara ny rehetra amin'ny fanorenana fandriam-pahalemana misoroka ny herisetra ary teraka noho ny fisokafana sy ny fanetren-tena araka ny Evanjely.

### ***Fandriam-pahalemana misoroka ny fampiasan-kery***

Misoroka ny fampiasan-kery ny halemem-panahy. Izany angamba no nahatonga an'Andriamanitra ho zazakely. Ny misterin'ny Fahatongavana ho nofo izay manomboka ao an-kibon'ilay reny tanora ary miseho ao amin'ny fihinanam-bilon'i Betlehema dia tonga amin'ny fanetren-tena tanteraka indrindra tamin'ny fidinana any amin'ny fiainan-tsy hita. “Fiadanana etỳ an-tany”, hoy ny hiran' ny anjely eo ampanambaràna ny fisian'Andriamanitra tsy manam-piaro, izay tsy hitan'ny olombelona hoe tiana izy raha tsy mikarakara Azy (jer. Lk 2,13-14). Tsy misy na inona na inona manana fahefana hanova antsika afa-tsy ny zaza. Ary angamba izany tokoa no eritreritr'ireo zanatsika, ireo zaza, ary koa ireo marefo tahaka azy ireo, izay manindrona ny fontsika (jer. Asa 2,37). Momba izany, nanoratra toy izao ilay Nodimbiasako hajaina [9] « manana hery hahatonga antsika hahita mazava kokoa ny amin'ny zavatra maharitra sy izay mandalo ny fahalemen'ny olombelona, eo amin'izay mamelona sy izay mamono. Angamba izany no mahatonga antsika matetika handà ny fetra sy handositra ireo olona marefo sy naratra: ananan'izy ireo ny fahefana hanontany sy hanankiana ny lalana nosafidiantsika, amin'ny maha isam-batan'olona antsika, sy amin'ny maha vondron'olona antsika. »

Ny Papa Joany faha-XXIII no voalohany nampiditra ny fitsinjavana ny fanafoanana tanteraka ny fitaovam-piadiana, izay tsy ho tratra raha tsy amin'ny alalan'ny fanavaozana ny fo sy ny saina. Nanoratra toy izao izy ao amin'ny *Pacem in terris*: « Aoka ho resy lahatra tanteraka ny rehetra: ny fampitsaharana ny fitomboan'ny herin'ny tafika, ny fampihenana azo tsapain-tanana ny fitaovam-piadiana, ary —indrindra indrindra— ny fanafoanana azy ireny, dia zava-tsarotra na saika tsy azo tanterahina raha



tsy misy ny fanesorana tanteraka ny fitaovam-piadiana izay misy fiantraikany amin'ny fanahy koa : tsy maintsy miara-miasa ao anatin'ny fiombonana sy amim-pahatsoram-po mba hamongotra ny tahotra sy ny aretin-tsaina ateraky ny ady. Midika izany fa ilay fitsipika fototra milaza fa mipoitra avy amin'ny fandanjalanjana ny fitaovam-piadiana ny fandriam-pahalemana dia soloina amin'ny foto-kevitra milaza fa ao amin'ny fifampitokisana ihany no ahafahana manorina ny fandriam-pahalemana marina. Heverinay fa tanjona azo tratrarina izany, satria takian'ny saina, irina fatratra, ary tena ilaina indrindra. » [10]

Asa fototra tokony hataon'ny antokom-pivavahana ho an'ny olombelona mijaly izany, eo am-pijerena tsara ny fitomboan'ny fikasana hanova ho fitaovam-piadiana koa ny hevitra sy ny teny. Ireo lovam-panahy lehibe, tahaka ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny saina, dia mitarika antsika hihoatra ny maha iray ra na foko, ary hihoatra ireo firahalahiana manaiky fotsiny ireo mitovy aminy ary manilika ny tsy mitovy aminy. Amin'izao fotoana izao, hitantsika fa tsy mandeha ho azy izany. Indrisy, lasa mahazatra eto amin'ny tontolo ankehitriny ny mampiasa ny teny mikasika ny finoana ao anatin'ny ady pôlitika, mi-tsodrano ny fitiavan-tanindrazana tafahoatra (nasiona), ary manamarina amin'ny fivavahana ny herisetra sy ny ady mitam-piadiana. Tokony ho lavin'ny mpino amin'ny fomba rehetra, indrindra amin'ny alalan'ny fiainany ireo endrika fanimbazimbana mampanjavona ny Anara-Masin'Andriamanitra. Noho izany, miaraka amin'ny asa, dia ilaina mihoatra noho ny vita hatramin'izay ny mikolokolo ny vavaka, ny fiainam-panahy, ny fifanakalozan-kevitra eokomenika sy eo amin'ny antokom-pinoana samihafa ho toy ny lâlana mankany amin'ny fandriam-pahalemana sy ho voambolana mampihaona ny lovam-panahy sy ny kolon-tsaina. Na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao, irina « ny ankohonana tsirairay mba ho tonga “tranon'ny fiadanana” toerana izay ianarana mandrava ny fankahalana amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra, ampiharana ny rariny ary ampivelarana ny fifamelan-keloka.” [11] Amin'izao fotoana izao mihoatra noho ny hatramin'izay, araka izany, dia ilaina tokoa ny mampiseho amin'ny alalan'ny finiavana ho tia karokaroka eo amin'ny

sehatra pastôraly feno fitandremana sy mahomby fa tsy nofinofy ny fandriam-pahalemana.

Etsy an-daniny, tsy tokony handrebireby ny sain'ny tsirairay tsy hihevitra ny maha-zava-dehibe ny lafiny pôlitika izany. Aoka ireo voaantso handray andraikitra amin'ny fiainam-bahoaka amin'ny sehatra ambony indrindra sy amin'ny rafitra matihanina indrindra mba “hianatra tsara ny olan'ny fifandanjana iraisam-pirenena tena manaja ny maha-olombelona, fifandanjana mifototra amin'ny fifampitokisana, amin'ny fahamendrehan'ny fifandraisana eo amin'ny samy firenena ary tsy fivadihana amin'ny fanarahana ny fifanekena.” Aoka ny fanadihadiana lalina sy feno haneho ny teboka iaingana amin'ny fifanarahana ara-pirahalalahiana, maharitra ary mahaso.”] Izany no lalana enti- misoroka ny fankahalana eo amin'ny fifandraisana eo amin'ny samy firenena sy eo amin'ny fanelanelanana, ary eo amin'ny lalàna iraisam-pirenena, saingy indrisy fa lavina matetika noho ny fanitsakitsahana ny fifanarahana izay tsy azo mora foana izany, ao anatin'ny toe-draharaha hitakiana ny tsy fanafoanana ny ara-dalàna, fa ny fanamafisana kosa ny rafitra iraisam-pirenena.

Ankehitriny, voatery miatrika ny tsy fifandanjan'ny hery eo amin'ireo samy matanjaka indrindra, mihoatra noho ny hatramin'izay, ny rariny sy ny hasina maha-olona. Ahoana no hiainana ny vanim-potoanan'ny fanakorontanana sy ny fifandonana eo ampiezahana ho afaka amin'ny ratsy? Tsy maintsy ankaherezintsika sy tohanantsika ny hetsika arapanahy sy ara-kolon-tsaina ary ara-pôlitika rehetra izay mitazona ny fanantenana ho velona, eo ampanoherana ny fiparitahan'ny “toe-tsaina resy tsy miady satria izay no lahatra, tahaka ny hoe vokatry avy amina hery tsy mitonona anarana sy tsy hita maso ary avy amina rafitra tsy miankina amin'ny sitrapon'ny olombelona ny hery manosika hanao zavatra.” Raha ny fomba mahomby indrindra hanjakazakana amin'ny hafa ary hirosoana tsisy fameperana amin'izany dia ny fikitrehana an'izay hisian'ny famoizam-po sy hampahazo vahana hatrany ny ahiahy tsy ihavanana, na dia mody lazaina aza fa ho fitandrovana soatoavina» [ny paik'ady toy izany dia tokony hotoherina amin'ny fampandrosoana ny fiaraha-monim-

pirenena tonga saina, ny karazana fikambanana tompon'andraikitra, ny traikefan'ny fandraisana anjara tsy mampiasa herisetra, ary ny fampiharana ny rariny mamerina amin'ny laoniny na amin'ny sehatra kely na amin'ny sehatra lehibe. Efa nantitranterin'i Papa Léon XIII mazava tsara izany ao amin'ilay ansiklika *Rerum novarum*: «Ny andram-piainana ataon'ny olombelona amin'ny hakelin'ny heriny dia mandrisika sy manosika azy hitady fiaraha-miasa amin'ny hafa. Vakiana ao amin'ny Soratra Masina izao anatra izao: “Aleo roa miara-mitoetra, toy izay manirery; satria rahefa olon-droa dia tombon-tsoa be no azo amin'ny asa; sady raha misy lavo amin'izy ireo dia azon'ny anankiray arenina. Loza kosa no mahazo ny manirery, fa lavo tsy misy namana hanarina azy! (Kôh 4, 9-10). Ary koa ny hoe: “Ny rahalahy izay tohanan'ny rahalahiny dia toy ny tanàna mimanda” (Oh 18,19). » [15]

Enga anie izany no ho vokatry ny Jôbilin'ny Fanantenana izay nitarika olona an-tapitrisany maro hahita indray ny maha mpivahiny azy ireo ary hanomboka ao amin'izy ireo ny fanafoanana ny fitaovam-piadian'ny fo sy ny fanahy ary ny fiainana; io fanafoanana ny fitaovam-piadiana io izay hovalian'Andriamanitra tsy ho ela amin'ny fanantanterahana ny fampanantenany hoe: “Ho mpanelanelana amin'ny vahoaka Izy, ary ho mpitsara ny firenena maro. Ny sabany hotefen'izy ireo ho lela fangadin'omby, ary ny lefony ho antsy fijinjana. Ny firenena tsy hisy hanangan-tsabatra hamely ny firenena hafa, ary tsy hianatra ady intsony. Avia, ry taranak'i Jakôba, ka aoka handeha amin'ny fahazavan'ny Tompo isika.” (Iz 2,4-5).

**Vatikana, 8 desambra 2025**

**PAPA RAY MASINA LEON FAHA-14**



### *Une paix désarmée*

Peu avant d'être capturé, dans un moment d'intense confiance, Jésus dit à ceux qui étaient avec Lui : « Je vous laisse la paix ; c'est ma paix que je vous donne ; je ne vous la donne pas comme le monde la donne ». Et il ajouta immédiatement : « Que votre cœur ne se trouble ni ne s'effraie » (*Jn 14, 27*). Le trouble et la crainte pouvaient bien entendu concerner la violence qui allait bientôt s'abattre sur Lui. Plus profondément, les Évangiles ne cachent pas que ce qui déconcerta les disciples, ce fut sa réponse non violente : une voie que tous, Pierre le premier, contestèrent mais sur laquelle, jusqu'à la fin, le Maître demanda de le suivre. La voie de Jésus continue à être source de trouble et de crainte. Et Il répète avec fermeté à qui voudrait le défendre : « Rentre le glaive dans le fourreau » (*Jn 18, 11* ; cf. *Mt 26, 52*). La paix de Jésus ressuscité est désarmée, car son combat fut désarmé, dans des circonstances historiques, politiques et sociales précises. De cette nouveauté, les chrétiens doivent ensemble témoigner prophétiquement en se souvenant des tragédies dont ils se sont trop souvent rendus complices. La grande parabole du jugement universel invite tous les chrétiens à agir avec miséricorde dans cette prise de

conscience (cf. *Mt* 25, 31-46). Et ce faisant, ils trouveront à leurs côtés des frères et sœurs qui, de différentes manières, ont su écouter la douleur des autres et se sont intérieurement libérés du piège de la violence.

Bien que beaucoup de personnes aujourd'hui aient un cœur disposé à la paix, un grand sentiment d'impuissance les envahit devant le cours des événements de plus en plus incertain. Saint Augustin, en effet, signalait déjà un paradoxe particulier : « Louer la paix, c'est chose plus difficile que de la posséder. Voulons-nous la louer en effet ? Nous désirons des forces, nous cherchons à éveiller la sensibilité, nous équilibrons des mots. Au contraire, voulons-nous la posséder ? Sans travail elle est à nous, nous la tenons ». [3]

Lorsque nous traitons la paix comme un idéal lointain, nous finissons par ne plus considérer scandaleux que l'on puisse la nier et en arriver même à la guerre pour atteindre la paix. Les bonnes idées, les phrases pesées, la capacité à dire que la paix est proche semblent faire défaut. Si la paix n'est pas une réalité vécue, à préserver et à cultiver, l'agressivité se répand dans la vie domestique comme dans la vie publique. Dans les relations entre citoyens et gouvernants, on en arrive à considérer comme une faute le fait de ne pas se préparer suffisamment à la guerre, à réagir aux attaques, à

répondre à la violence. Bien au-delà du principe de légitime défense, cette logique antagoniste est, sur le plan politique, la donnée la plus actuelle dans une déstabilisation planétaire qui devient chaque jour plus dramatique et imprévisible. Ce n'est pas un hasard si les appels répétés à l'augmentation des dépenses militaires et les choix qui en découlent sont présentés par de nombreux gouvernants avec la justification du danger représenté par les autres. En effet, la force dissuasive de la puissance, et en particulier celle de la dissuasion nucléaire, traduisent l'irrationalité d'un rapport entre les peuples, fondé non pas sur le droit, sur la justice ou sur la confiance, mais sur la peur et la domination de la force. « En conséquence, comme l'écrivait déjà saint Jean XXIII à son époque, les populations vivent dans une appréhension continue et comme sous la menace d'un épouvantable ouragan, capable de se déchaîner à tout instant. Et non sans raison, puisque l'armement est toujours prêt. Qu'il y ait des hommes au monde pour prendre la responsabilité des massacres et des ruines sans nombre d'une guerre, cela peut paraître incroyable ; pourtant, on est contraint de l'avouer, une surprise, un accident suffiraient à provoquer la conflagration ». [4]

Or, au cours de l'année 2024, les dépenses militaires mondiales ont augmenté de 9,4 % par rapport à l'année précédente, confirmant la tendance ininterrompue depuis dix ans et atteignant le chiffre de 2.718 milliards de dollars, soit 2,5 % du PIB mondial. [5] De plus, aujourd'hui, on semble vouloir répondre aux nouveaux défis non seulement par un effort économique considérable en matière de réarmement, mais aussi par un réalignement des politiques éducatives : à la place d'une culture de la mémoire qui préserve les prises de consciences acquises au cours du XX siècle et n'oublie pas les millions de victimes, on promeut des campagnes de communication et des programmes éducatifs, dans les écoles et les universités comme dans les *médias*, diffusant la perception de menaces et transmettant une conception purement armée de défense et de sécurité.

Cependant, « un ami véritable de la paix aime ceux qui ne l'aiment pas ». [6] Saint Augustin recommandait ainsi de ne pas détruire les ponts et de ne pas s'appesantir dans le registre des reproches, préférant la voie de l'écoute et, dans la mesure du possible, de la rencontre avec les motivations des autres. Il y a soixante ans, le Concile Vatican II se concluait sur la prise de conscience d'un dialogue urgent entre l'Église et le monde contemporain. En particulier, la Constitution Gaudium et spes attirait l'attention sur l'évolution de la pratique belliqueuse : « Le risque particulier de la guerre moderne consiste en ce qu'elle fournit l'occasion à ceux qui possèdent des armes scientifiques plus récentes de commettre des crimes ; et, par un enchaînement en quelque sorte inexorable, elle peut pousser la volonté humaine aux plus atroces décisions. Pour que plus jamais ceci se produise, les évêques du monde entier, rassemblés et ne faisant qu'un, adjurent tous les hommes, tout particulièrement les chefs d'État et les autorités militaires, de peser à tout instant une responsabilité aussi immense devant Dieu et devant toute l'humanité ». [7]

Tout en réitérant l'appel des Pères conciliaires et en estimant que la voie du dialogue est la plus efficace à tous les niveaux, nous constatons combien les progrès technologiques et l'application dans le domaine militaire de l'intelligence artificielle ont radicalisé la dimension tragique des conflits armés. On assiste même à un processus de déresponsabilisation des dirigeants politiques et militaires, en raison de la croissante "délégation" aux machines des décisions concernant la vie et la mort des personnes humaines. Il s'agit d'une spirale destructrice sans précédent de l'humanisme juridique et philosophique sur lequel repose toute civilisation et par lequel toute civilisation est protégée. Il convient de dénoncer les énormes concentrations d'intérêts économiques et financiers privés qui poussent les États dans cette direction ; mais cela ne suffit pas si, dans le même temps, on ne favorise pas le réveil des consciences et de la pensée critique. L'encyclique Fratelli tutti présente saint François d'Assise comme exemple d'un tel réveil : « Dans ce monde parsemé de tours de guet et de murs de protection, les villes étaient déchirées par des guerres sanglantes entre de puissants clans, alors que



s'agrandissaient les zones misérables des périphéries marginalisées. Là, François a reçu la vraie paix intérieure, s'est libéré de tout désir de suprématie sur les autres, s'est fait l'un des derniers et a cherché à vivre en harmonie avec tout le monde ». [8] C'est une histoire qui veut se poursuivre en nous, et qui demande d'unir nos efforts pour contribuer les uns et les autres à une paix désarmante, une paix qui naisse de l'ouverture et de l'humilité évangélique.

### *Une paix désarmante*

La bonté est désarmante. C'est peut-être pour cela que Dieu s'est fait petit enfant. Le mystère de l'Incarnation, qui atteint son abaissement le plus complet dans la descente aux enfers, commence dans le sein d'une jeune mère et se manifeste dans la mangeoire de Bethléem. "Paix sur la terre", chantent les anges en annonçant la présence d'un Dieu sans défense, dont l'humanité ne peut se découvrir aimée qu'en prenant soin de lui (cf. *Lc* 2, 13-14). Rien ne possède autant le pouvoir de nous changer qu'un enfant. Et peut-être est-ce précisément la pensée de nos fils, des enfants, mais aussi de ceux qui sont fragiles comme eux, qui nous transperce le cœur (cf. *Ac* 2, 37). À ce propos, mon vénéré Prédécesseur écrivait que « la fragilité humaine a le pouvoir de nous rendre plus lucides sur ce qui dure et ce qui passe, sur ce qui fait vivre et ce qui tue. C'est peut-être pour cela que nous avons si souvent tendance à nier les limites et à fuir les personnes fragiles et blessées : elles ont le pouvoir de remettre en question la direction que nous avons choisie, en tant qu'individus et en tant que communautés ». [9]

